FANTARO
TARI-DALANA 17

NY TSIAMBARATELON'NY FITOMBOANA AMIN'NY ALALAN'NY FIZARANA

Mbola nankafy ny resaka nahafinaritra nifanaovana teo am-pisotroana dite Japone sy tsakitsaky vita tamin'ny vary tao an-tranon-dramose Komori i Larry no indro ireo vahiny hafa fa nanomboka namoaka ny Baiboliny. Samy niandry zavatra avy aminy avokoa izy rehetra ireo. "Afaka mampianatra anay ve ianao ankehitriny?" hoy ramose Komori nanontany.

Saika kofon'ny diteny i Larry. Noheveriny ho fiaraha-mifaly fotsiny ihany ity fihaonana ity. Koa dia tsy hitany amin'izay ny tokony ambara ankehitriny.

Efa nanao fampianarana maro momba ny Baiboly tany amin'ny sekoly Kristiana miteny Anglisy tany Japon izay toerana niasany i Larry. Efa samy voarafitra tsara avokoa anefa izy ireny ka mora taminy ny nizara fahalalana momba ny Baiboly. Fa samihafa amin'izany kosa anefa ny firesahana momba an'Andriamanitra eo no ho eo.

Efa ren'i Larry hatramin'ny fahazazany ny tantara rehetra ao anatin'ny Baiboly. Tsy dia nisy fiantraikany manokana taminy anefa ireny. Ninia nanao ny zavatra izay fantany fa diso teo imason'Andriamanitra hatrany izy. Ahoana moa no ahafahany miresaka amin'ny hafa ny momba an'Andriamanitra izay tsy tena fantany tsara akory?

Saika niseho amin'izay ny nafeniny, teo am-pipetrahana ambonin'ny seza nodidinin'ireto olona niandrandra fatratra. Tamin'io fotoana nampatahotra azy io indrindra no nandalo tao an-tsainy ny andininy iray momba ny fanomezan'ny Fanahy Masina ny teny ho lazaina rehefa asaina mijoro ho vavolombelona manoloana ny hafa isika (Lioka 12: 12). Nanao vavaka maimaika ho fangatahana fanampiana izy ary niroso tamin'ny tantara malaza izay tonga tao an-tsainy, dia ny momba ilay Zanaka Adala izany.

Rehefa nanazava momba ny haben'ny fitiavan'Andriamanitra izy, eny fa na dia ireo izay niala lavitra Azy aza, dia tsapan'i Larry hoe tena niteny nivantana avy tamin'ny fony izy. Nipaka lalina tany am-po ny teniny. Io no fotoana voalohany nahatsapan'i Larry ny haben'ny fitiavan'Andriamanitra azy.

Nandohalika teo an-tongom-pandriany i Larry ny alin'iny ary nanolotra ny fiainany ho an'ilay Andriamanitra izay tena misy aminy tokoa ankehitriny. Lasa mihoatra noho ny maha-zavatra mahazatra tsy hita maso azy fotsiny ihany ny fizaràna ny fitiavan'Andriamanitra. Tranga izay tena nanohina azy tokoa izany ankehitriny.

1. MAMPORISIKA ANTSIKA HITOMBO AMIN'NY ALALAN'NY FIZARANA ANDRIAMANITRA

Telo taona sy tapany no nolanian'ny mpianatra tamin'ny fandraisana ny teny sy ny

asa nataon’i Kristy, ary tonga hatramin’ny fahafatesany sy ny fitsanganany. Rehefa niverina nankany an-danitra i Jesosy dia nasainy nisolo tena Azy ny mpianany:

“Fa HAHAZO HERY IANAREO amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary HO VAVOLOMBELOKO… hatramin'ny faran'ny tany.” Asa. 1: 8

Rehefa nanolotra tanteraka ny fony ho an’i Kristy ireo mpanara-dia Azy tamin’ny andro Pentekosta dia nanova ny fiainan’izy ireo tamin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina ilay Kristy natsangana tamin’ny maty. Lasa vavolombelona izy ireo, tsy nanatri-maso ny fitsanganan’ny Tenan’i Kristy sy ny fiakarany tany an-danitra fotsiny ihany, fa ny herin’ny fitsanganany izay nanova ny fiainan’izy ireo ihany koa.

Amin’ny maha-Kristiana antsika dia vavolombelon’ny fitsanganan’i Jesosy ihany koa isika satria efa niainantsika ny heriny mitondra fanovana teo amin’ny fiainantsika.

“Fa ANDRIAMANITRA, Izay manan-karena amin'ny famindram-po, noho ny halehiben'ny fitiavany izay nitiavany antsika, na dia FONY MBOLA MATIN'NY FAHADISOANA AZA ISIKA, DIA NAHAVELONA ANTSIKA NIARAKA TAMIN'I KRISTY (fahasoavana no namonjena anareo). Ary NIARA-NATSANGANY ISIKA… MBA HASEHONY AMIN'NY ANDRO HO AVY NY HABEN'NY HAREN'NY FAHASOAVANY amin'ny fahamoram-panahiny amintsika ao amin'i Kristy Jesosy.” Efesiana 2: 4-7

Fa niara-natsangana tamin’i Kristy isika, mba “hanehoantsika ny haben’ny haren’ny fahasoavany.” Ary angatahany isika hitondra amin’izao tontolo izao ny vaovao mahafaly momba ny zavatra azony atao ho an’ny fiainan’ny olona, ary nampanantena fa hiaraka amintsika eo am-panaovantsika izany (Matio 28: 19-20).

Izao no nambaran’i H.M.S. Richards, ilay nanangana ny asa fitoriana amin’ny alalan’ny Feon’ny Faminaniana amin’ny onjam-peo: “Hitako ny fiovana teo amin’ny fon’ireo olona nandre ny filazantsaran’i Kristy. Efa nandalo tany amin’ny toerana izay tsy nahalalana ny anaran’Andriamanitra sy i Kristy mihitsy aho raha tsy nentin’ny fiangonany tany ny filazantsara. Hitako ny fiovan’ireny olona ireny niala tamin’ny loto ho amin’ny fahadiovana, niala tamin’ny aretina ho amin’ny fahasalamana, niala tamin’ny tahotra ny fanahy ratsy nandritra ny fotoana naharitra ho amin’ny fifaliana amin’ny fiainana maha-Kristiana. Hitako ny fiovana teo amin’ny lehilahy nanao sarimbavy. Hitako nivoaka avy tao amin’ny haizin’ny maha-jentilisa ny tokatrano Kristiana tena nijoro. Hitako avokoa ny fiovan’ny fiainana tany amin’ny toerana rehetra notsidihako. Fantatro fa “ny filazantsara… no herin'Andriamanitra ho famonjena” (Romana 1: 16). Fantatro fa rehefa mitory ny hafatry ny filazantsara ny fiangonana dia mitondra fiovana ao am-pon’ny olona sy any an-tokatranony, ary hita miharihary eo amin’ny fiainan’ireo izay mamaly ny antso izany.”

Nomen’Andriamanitra andraikitra manokana ho raisina ao anatin’izany asa mahafinaritra izany ny olombelona marefo, satria ampahany mahavelona eo amin’ny fitomboantsika ny fizaràna. Mba hahasalama ny finoantsika dia tsy maintsy aseho izy io. Araka ny hitan’i Larry tamin’ny tsy nampoizina dia manampy antsika tanteraka amin’ny fiainana ao anatin’ny finoana ny fizaràna azy, ary mampitombo antsika.

2. AMIN’NY ALALAN’NY FOMBA FIAINANTSIKA NO

HIZARANTSIKA AN'I KRISTY

Izao no zavatra tsapan'ny tovolahy iray izay nitombo tao anatin'ny tokatrano feno herisetra: "Diso ny endrik'Andriamanitra nomen'ny ray aman-dreniko ahy tamin'ny alalan'ny ohatra nasehon'izy ireo; tsy mba nahita olona nofo aman-drà tia ahy mihitsy aho." Ny olona manodidina antsika dia mila olona manaporofo amin'izy ireo ny sary tena izy maneho an'Andriamanitra. Mila olona "nofo aman-drà" haneho ny toetran'Andriamanitra aminy izy ireo. Ny fomba fiainantsika ihany matetika no toriteny lehibe indrindra ataontsika. Mialohan'ny hamantaran'ny olona iray ny haben'ny zavatra fantatrao dia tsy maintsy fantariny ny haben'ny fiezahanao mamantatra azy. Izao no famporisihan'i Petera antsika:

"ARY AOKA HO TSARA NY FITONDRAN-TENANAREO eo amin'ny jentilisa, mba HANKALAZANY AN'ANDRIAMANITRA… noho ny AHITANY NY ASA TSARA ATAONAREO… FA KRISTY AZA EFA NIJALY HAMONJY ANAREO KA NAMELA FIANARANA HO ANAREO, MBA HANARAHANAREO NY DIANY." I Petera 2: 12, 21

Koa satria efa "nijaly ho antsika" teo Kalvary i Kristy, dia manana ohatra akaiky momba ny fitiavana amin'ny alalan'ny fanaovana sorona isika. Izany fitiavana izany, izay napetraka tao anatintsika mba hitiavana ny hafa, no afaka ny ho tonga hery lehibe mitaona ny tsy mino ho eo an-tsandrin'i Kristy.

3. MIZARA AN'I KRISTY NOHO NY FOMBA FISAINANTSIKA ISIKA

Rehefa niezaka nandavo an'i Jesosy tany an'efitra tamin'ny alalan'ny fitsapana ara-tsakafo, ny fiheboeboana, ary ny fiheveran-diso ny Devoly, dia tamim-pahombiazana no niadin'i Jesosy taminy tamin'ny alalan'ny fandraisana teny avy ao amin'ny Soratra Masina (Matio 4 : 4, 7, 10). Vonona i Kristy satria nofenoiny fahamarinana ara-Baiboly ny sainy. Ao amin'ny saina tokoa mantsy no toerana handresena na haharesena ao anatin'ny ady iray.

"Fa tahaka ny heviny ao am-pony ihany no toetrany." Ohabolana 23: 7

Ny zavatry ny lanitra hatrany no sainin'ny Kristiana mitombo. Mifantoka amin'ireo toetra tsara ezahany ho azo izy ireo.

"Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo… fa aoka ny FIVAVAHANA sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, HIARO NY FONAREO SY NY HEVITRAREO ao amin'i Kristy Jesosy. Farany, ry rahalahy, na inona na inona MARINA, na inona na inona MANAN-KAJA, na inona na inona MAHITSY, na inona na inona MADIO, na inona na inona MAHA-TE-HO-TIA, na inona na inona TSARA LAZA, raha misy HATSARAM-PANAHY, ary raha misy DERA, dia hevero izany… Ary ho aminareo ny Andriamanitry ny fiadanana." Filipiana 4: 4-9

Ny zavatra ampidirintsika ao an-tsaintsika no mitondra ny fiavahana rehetra. Raha fako no ampidirina dia fako no mivoaka avy ao anatiny. Raha Tenin'Andriamanitra no ampidirina dia fiainan'Andriamanitra no mivoaka avy ao anatiny.

4. MIZARA AN'I KRISTY AMIN'NY ALALAN'NY FOMBA FISEHONTSIKA

Amin'ny maha-solotenan'i Kristy antsika dia Kristiana maotina hatrany isika na dia amin'ny alalan'ny fomba fiseho aza, ary misoroka ny karazan-javatra diso tafahoatra rehetra.

"Mba ho voataonan'ny fitondran-tenan'ny vavy izy, na dia tsy amin'ny teny aza (raha tàhiny misy tsy manaiky ny teny), rehefa hitany ny fahadiovan'ny fitondran-tenanareo amin'ny fahatahorana. Ary aoka ny firavahanareo tsy ho zavatra eny ivelany, toy ny firandranam-bolo sy ny firava-bolamena na ny fiakanjoana; fa aoka ho toetra miafina ao am-po, izay tsy mety ho lo, dia NY FANAHY MALEMY SADY MIADANA, izay soa indrindra eo imason'Andriamanitra. Fa tahaka izany no niravahan'ny vehivavy masina fahiny, izay nanantena an'Andriamanitra..." I Petera 3: 1-5

Ny fahatsorana ara-pitafiana sy ara-pihaingoana no manamarika hatrany ny fahatsoran'ny fitoviana amin'i Kristy. Raha ny tena marina dia tokony ahasarika ny hafa amin'ny maha-Kristiana antsika isika, tsy noho ny lamaody hanaovantsika fa noho ny fanehoan'ny fiainantsika ny momba an'i Jesosy.

5. MIZARA AN'I KRISTY AMIN'NY ALALAN'NY FOMBA FIAINANTSIKA ISIKA

Ambaran'i Edward Gibbon (manam-pahaizana ara-tantara) amintsika fa rehefa babon'i Galerius ny tobin'ny Persiana, dia nisy kitapo hoditra iray nangirana feno vatosoa tao anatiny, nangalarin'ny miaramila iray. Notehirizin'io lehilahy io tsara ilay kitapo azo nampiasaina, fa nariany kosa ireo vatosoa sarobidy tao anatiny.

Ny olona izay mirona amin'ireo zavatra manaitra omen'izao tontolo izao ihany koa, kanefa manary an'i Jesosy izay Vatosoa Lafo Vidy, dia mbola ratsy lavitra noho io miaramila nangalatra io. Tsy vitan'ny hoe harena tonga ao an-tanantsika fotsiny ihany mantsy Izy fa dia famonjena mandrakizay mihitsy. Noho izany dia izao no fampitandremana omen'ny Soratra Masina antsika:

"Aza tia an'izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia an'izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray. Fa ny zavatra rehetra eo amin'izao tontolo izao dia ny filàn'ny nofo sy ny filàn'ny maso ary ny rehaka momba izao fiainana izao, dia tsy avy amin'ny Ray, fa avy amin'izao tontolo izao ihany. Ary mandalo izao fiainana izao sy ny filàny, fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay." I Jaona 2: 15-17

Miasa mafy i Satana mba hamadihana ny fahotana tena manimba sy ny fahazarana ratsy indrindra ho tahaka ny lovia volamena. Ny dokam-barotra momba ny zava-pisotro misy alikaola dia tsy maneho afatsy sarin'olona tanora, tsara tarehy, miasa mafy, ary tena faly aok'izany. Tsy mba mahita endrik'olona mampalahelo izay efa mila hianjera, mivoaka avy ao amin'ny toeram-pivarotana zava-pisotro maha-mamo, mitondra harona taratasy ao an-tanany mihitsy isika amin'ireny dokam-barotra ireny.

Tokony hitandrina isika manoloana ny fikambanana rehetra izay mampisy marimaritra iraisana amin'ny fitsipika mifehy antsika amin'ny maha-Kristiana (II Korintiana 6 : 14). Mazava ho azy fa tian'i Kristy hifandray amin'ny namana tsy

Kristiana isika. Ny fifandraisana manokana mantsy no fomba voalohany hizarana ny finoana. Ataovy azo antoka fotsiny ihany fa tsy mitarika anao hiverina amin'ny fomba fiaina taloha ireo olona miaraka aminao.

Ny zavatra ampidirintsika ao amin'ny fiainantsika, eny hatramin'ny fialamboly fidiantsika aza, dia misy fiantraikany amin'ny fiainam-panahintsika. Tokony handinika tsara ny zavatra hampidirintsika ao an-tsaintsika isika.

"Tsy hampitoetra zava-dratsy eo anoloan'ny masoko aho." Salamo 101: 3

Raha ny tsara indrindra hatrany no hamenoantsika ny fanahintsika dia hahatarika antsika hidina ambany mihitsy ny ratsy indrindra. Tsy mahatery ny fiainantsika mihitsy ny fihazonana idealy ambony manoloana ny zavatra ampidirintsika ao an-tokatranontsika sy ao an-tsaintsika. Manana zavatra mahasambatra azy kokoa mihoatra noho ny olon-drehetra ny Kristiana.

"HAVOKISAM-PIFALIANA no eo anatrehanao, ary fahafinaretana no eo an-tananao an-kavanana mandrakizay." Salamo 16: 11

6. MIZARA AN'I KRISTY AMIN'NY ALALAN'NY FOMBA FANOMEZANTSIKA ISIKA

Rehefa hanao batisa ity mpino vaovao iray ity ny Pasitora H.M.S. Richards dia nahatsikaritra fa mbola nitahiry fitoeram-bola tena feno tao am-paosiny izy. Nanontanian'i Richards izy raha sendra nanadino nametraka izany volany izany tao amin'ny toerana fisoloana akanjo. "Miaraka atao batisa izaho sy ny fitoeram-bolako," hoy ralehilahy nanazava. Tsapany mantsy ny tena fomba fisainana maha-Kristiana, ka dia nanolotena hanampy ny hafa izy. Amin'ny alalan'ny fizaràna no hitomboan'ny Kristiana, ary izany no antony nahatonga ny "tenin'i Jesosy Tompo izay manao hoe: 'Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray" (Asa. 20: 35).

Manana tombambidy mandrakizay ny zavatra izay omentsika ho fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra.

"Aza mihary harena ho anareo eto an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, sady misy mpangalatra manami-trano sy mangalatra. Fa MIHARIA HARENA HO ANAREO ANY AN-DANITRA… Fa izay itoeran'ny harenao, dia ho any koa ny fonao." Matio 6: 19-21

Rehefa manome ianao dia tadidio fa "An'i Jehovah ny tany sy izay rehetra eo aminy" (Salamo 24: 1), anisan'izany ny volafotsy sy ny volamena (Hagay 2: 8). Na dia ny tenantsika aza dia an'Andriamanitra ihany koa satria nahary antsika Izy, ary satria namonjy antsika ho afaka tamin'ny fahotantsika Izy, tamin'ny alalan'ny fandoavana ny onitry ny fahotantsika tamin'ny alalan'ny ràny (I Korintiana 6: 19-20). An'Andriamanitra avokoa ny zava-drehetra eo an-tanantsika, satria omeny antsika "ny hery hahavory harena" (Deotoronomia 8: 18).

Manao ahoana ny haben'ny fanasan'ilay Tompo nomboana tamin'ny hazo fijaliana sy nitsangana tamin'ny maty antsika, hizara ny filazantsara amin'ny hafa miaraka Aminy?

"Handroba an'Andriamanitra va ny olona, no mandroba Ahy ianareo? Nefa hoy ianareo: Amin'inona moa no androbanay Anao? AMIN'NY FAHAFOLON-KARENA SY NY FANATITRA… Entonareo ny

fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako, mba hasian-kanina ao an-tranoko, ary izahao toetra amin'izany Aho, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, raha tsy HOVOHAKO NY VARAVARAN'NY LANITRA HO ANAREO ka hampidinako fitahiana manana amby ampy ho anareo." Malakia 3: 8-10

Ny "ampahafolony" dia iray ampahafolon'ny "vola miditra" amintsika (Deotoronomia 14: 22; Genesisy 28: 22). Izany hoe ny tombom-barotra kosa raha ho an'ny mpiompy sy ny mpivarotra. Ny karama iray manontolo kosa raha ho an'ny mpiasa. Ny fanolorana ny ampahafolony dia fitsipika ara-pitondrantena satria tafiditra ao anatiny ny resaka toetra. "Mandroba" an'Andriamanitra isika raha sanatria tsy manao ampahafolony. An'Andriamanitra ny ampahafolony ary tokony ampiasaina tanteraka ho fanohanana ny asan'i Kristy (I Korintiana 9: 14), sy ny famitana ny asany ety an-tany mba ahafahany miverina tsy ho ela (Matio 24: 14).

Rehefa tonga niaina tety anivontsika i Jesosy dia nankasitraka ny fanaovana ampahafolony tamin'ny andron'ny Testamenta Vaovao Izy (Matio 23: 23).

Ohatrinona ny fanatitra tokony omentsika? Miankina amin'ny fanapahan-kevitry ny isambatan'olona ny fanatitra. Ny olona tsirairay avy dia "Aoka… samy hanao araka izay inian'ny fony avy" (II Korintiana 9: 5-7). Tsy misy hoe be loatra izany ny nomenao an'Andriamanitra:

"Omeo, dia mba homena ianareo; fatra tsara sady ahintsana no afatratra ka mihoatra no homeny ho ao am-pofoanareo." Lioka 6: 38

Izao no fanandramana notantarain'i H.M.S. Richards indray andro:

"Nisy mpiloka nandritra ny androm-piainany nanatrika ny fivoriana notarihako tany Los Angeles, ary tsy ho adinoko mihitsy ny fotoana niresahako irery taminy tao ambadik'ilay efitrano fivoriana. Navoakany avy ao am-paosiny ny horonam-bola nitentina 500 dôlara sady natolony ahy no niteny izy hoe 'Ity no ampahafoloko voalohany.'

Tsy tsara fanahy akory ralehilahy ary tsy nisy na inona na inona nataony afatsy ny filokana nandritra ny 30 na 40 taona teo ho eo, noho izany dia izao no navaliko azy: 'Ahoana no fomba hivelomanao?'

Namaly izy hoe: 'Dimy na enina dôlara sisa no aty amiko, kanefa dia efa an'Andriamanitra ihany koa izy ireto.'

Nanontaniako indray izy hoe: 'Inona izany no hataonao?'

'Tsy fantatro,' hoy izy namaly, 'saingy fantatro fa tsy maintsy mandoa ny ampahafoloko ho an'Andriamanitra aho, ary Izy no hikarakara ahy.'

Dia nikarakara azy tokoa Andriamanitra. Tena vokatry ny fo ny fibebahan-dralehilahy. Notohizany izany fanolorantenany izany ary sambatra izy tao anatin'ny fianana maha-Kristiana azy. Nanohana Azy mandrakariva Andriamanitra hatramin'ny andro nahafatesany." Tsy nampanantena akory Andriamanitra hoe ho lasa mpanan-karena avokoa ny mpino mahatoky rehetra. Manana toky kosa anefa isika fa ny Mpahary antsika dia hanome izay rehetra iliaintsika eo amin'ny fiainana.

Nanome ny zava-drehetra ho antsika i Kristy. Andeha isika hanolotra tanteraka ny fontsika ho Azy ankehitriny. Andeha isika hizara an'i Kristy amin'ny hafa, amin'ny alalan'ny fomba fiainantsika, fisainantsika, fijerintsika, fihetsitsika, ary fizaràntsika. Maninona moa raha miezaka mamantatra ny fifaliana amin'ny fizaràna an'i Kristy

amin’ny hafa sy ny fitomboana ao anatin’ny fahasoavany mahafinaritra?

FITSAPAM-PAHAIZANA 17

NY TSIAMBARATELON’NY FITOMBOANA AMIN’NY ALALAN’NY FIZARANA

Vakio indray ny fizaràna tsirairay avy ao amin’ny "**Tari-Dalana Fantaro 17**" araka ny laharan’ny tarehimarika eo amin’ny ilany havia, ary mariho **X** manoloana ny fanambaràna MARINA rehetra isaky ny fizaràna.

1. Ny fizaràna ny finoana an’i Kristy dia
   - Mampitombo ny Kristiana rehetra izay mizara.
   - Natao ho an’ny Kristiana vitsivitsy nofantenana ihany.
2. Ny fomba tsara indrindra hizaràna an’i Kristy matetika dia
   - Amin’ny alalan’ny fiadiana hevitra amin’ilay olona izay tsy mitovy hevitra aminao.
   - Amin’ny alalan’ny fomba fiainantsika.
3. Ny fomba tsara indrindra handresentsika ny fakam-panahy dia amin’ny alalan’ny
   - Famenoana ny saintsika amin’ny Soratra Masina.
   - Famenoana ny saintsika amin’ny alalan’ny raiki-pohy fitadidy.
4. Afaka mizara an’i Kristy ny Kristiana, amin’ny alalan’ny
   - Fanaovana fitafiana natao ho an’ny Kristiana tonga lafatra.
   - Fanaovana fitafiana tsotra sy maotina.
5. Ny zavatra jerentsika sy ataontsika amin’ny maha-Kristiana antsika dia
   - Misy fiantraikany amin’ny fiainam-panahintsika.
   - Tsy misy fiantraikany amin’ny fanandramana iarahantsika amin’i Kristy.

Mariho **X** manoloana ny fanambaràna MARINA rehetra:

6. Tokony hizara an’i Kristy amin’ny alalan’ny fanolorana ny fanatitra sy ny ampahafolontsika ho an’ny asan’i Kristy eto amin’izao tontolo izao isika satria:
   - An’Andriamanitra ny tany sy izay rehetra eo aminy.
   - Ilay Andriamanitra izay nahary antsika no nanome antsika ny fahafahana mamory harena.
   - Manasa antsika hanolotra ny ampahafolony sy ny fanatitra Andriamanitra.
   - Tohanan’i Jesosy ny fanolorana ny iray ampahafolony amin’ny vola miditra amintsika ho ampahafolony.
   - Ny ampahafolony no fomba nofidian’Andriamanitra hanohanana ireo izay mitory ny filazantsara mba ahatongavan’i Jesosy indray.
   - Ny fanomezana fanatitra ihany koa dia manampy amin’ny fanapariahana ny filazantsara.

FANONTANIANA VALIANA AMIN'NY FO: Maniry hizara an’i Kristy amin’ny alalan’ny fomba fisainanao ve ianao, amin’ny alalan’ny fomba fihetsikao,

amin’ny alalan’ny fomba fijerinao, ary amin’ny alalan’ny fanohananao ara-bola ny fanapariahana ny filazantsara?

_____

Anarana:

_____

Adiresy:

_____

Telefaonina:

_____